Ministère des Transports
et de la Météorologie

# TETIANDROM-PAMBOLENA

# TSARAMASO

**Mifanaraka amin'ny vinavinan'ny Taom-pahavaratra**

**Vanim-potoana maina sy mando 2022 - 2023**



FOFIFA

METEO Madagascar

viamo
Digital Made Easy

# Fizahan-takelaka


| | |
|---|---|
| Tari-dresaka | 03-04 |
| Torolalana amin'ny famakiana ny tetiandro | 05-07 |
| Alaotra Mangoro | 08 |
| Amoron'i Mania | 09 |
| Analamanga | 09 |
| Androy | 10 |
| Anosy | 10-11 |
| Atsimo Andrefana | 11-12 |
| Betsiboka | 13 |
| Boeny | 13 |
| Bongolava | 14 |
| Diana | 14-15 |
| Haute Matsiatra | 15-16 |
| Ihorombe | 16 |
| Itasy | 17 |
| Melaky | 17 |
| Menabe | 18 |
| Sofia | 18 |
| Vakinankaratra | 19 |
| Vatovavy | 19 |
| Tetiandrom-pambolena nomerika amin'ny tolotra 3-2-1 | 20 |

## Tari-dresaka

Manoloana ny fiovan'ny toetrandro izay misy fiantraikany isan-karazany amin'ny fambolena sy ny fiompiana dia niara-nikaon-doha ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana **(**MinAE**)** sy ny Ministeran'ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetrandro (MTM) ka namolavola tetiandrom-pambolena hanampy amin'ny fiatrehana izany. Voakasik'izany ny lalam-pihariana vary, katsaka, tsaramaso, voanjo, sakamalaho ary ampemba. Narafitra araka ny vinan'ny toetrandro amin'ny fotoam-pahavaratra 2022-2023 ireo tetiandro ireo ary manome soso-kevitra momba ireo karazam-boly mifanaraka kokoa amin'ny faritra tsirairay. Izany no natao dia mba ho fampiharana ny fambolena sy fiompiana mampiasa hai-toetrandro. Nisy ny atrikasa ara-teknika ho fanomanana ireo tetiandrom-pambolena ireo, izay nandraisan'ny teknisiana avy amin'ny Fitaleavana Ankapobeny misahana ny Fambolena (DGA) eo anivon'ny Fiadidin-draharaha manohana ny famokarana ara-pambolena (DAPV) anjara, ny Fiadidin-draharaha misahana ny Fiarovana ny Voly (DPV), ireo solon-tena avy amin'ny Fitaleavam-paritry ny Fambolena sy Fiompiana Analamanga (DRAE), ny Fiadidin-draharaha manohana ny Fikambanan'ny Tantsaha sy ny fandraharahana ara-pambolena (DOPAB), ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra (FOFIFA), ny Fitaleavana Ankapobeny misahana ny famantarana ny toetrandro (DGM),ary solontena avy eo anivon'ny Sampan-draharaham-paritra misahana ny toetrandro (SRM).

**Mifantoka indrindra amin'ny voly fahavaratra miankin-doha tanteraka amin'ny rotsakorana misy eo anelanelan'ny Oktobra 2022 sy Aprily 2023 ireo tetiandrom-pambolena ireo.**

Mirakitra ny tetiandrom-pambolena tsaramaso amin'ny fotoam-pahavaratra ity boky ity.

Voamaina tsy mahatanty rano mihandrona nefa kosa mahazaka hafanàna (10° C ≤ H ≤ 30° C) ny tsaramaso. Azo volena aloha izy amin'ny vanim-potoana mafàna amin'ny faritra afovoan-tany mba ahazoana tsaramaso lena. Azo atao koa ny mamokatra voa maina mandritra ny vanim-potoana fahavaratra raha voakendry tsara ny fotoam-pamafazana, na koa amin'ny vanim-potoana ririnina raha ampy rano ny tany.

Mila rano 300 ka hatramin'ny 400mm ny tsaramaso mandritra ny fotoam-pitsiriany. Mila rotsakorana malefaka, matetitetika sy mitsinjara tsara izy mandritra izany. Manimba ny tsaramaso ny hamandoana be loatra, indrindra rehefa hisampana 3 ny ravina, fa mahatonga klôrôzy sy aretina bobongolo ary fihintsanan'ny voninkazo. Etsy andaniny, ny tsy fahampian-drano sy hafanana be loatra (vanim-potoana maina sady mafana mitarazoka) dia tsy mampitsimoka ny tsaramaso ary mampalazo sy mampihintsana ny felany.

Zavamaniry tia hazavana ny tsaramaso. Mihalava be izy (lasan-ko tahony/raviny fotsiny) raha ambolena amin'ny maloka ary saika tsy mamokatra mihitsy. Fahavalon'ny tsaramaso ireo karazan'aretim-boly mpahazo azy sy ireo bibikely mpandrava voly.

Tany voaasa, madio sy misy tsiro no tena mety amin'ny tsaramaso. Mananosarotra ny fitsiriany amin'ny tany mifatratra ary raha dibo-drano mihandrona ny tany dia lò ao anaty tany ny voan-tsaramaso na ny masomboly.

Tsara raha atao eo anelanelan'ny andro faha-15 sy faha-30 aorian'ny famafazam-boa ny fiavàna voalohany sy ny fihevoana ary ny fanavosan-tany, izany hoe mialoha ny vanim-potoana fitsimohany.

Tena tsy azo atao ny miàva sy mihevo ny tany mandritra ny fotoam-pamoniany, izany hoe eo anelanelan'ny andro faha-35 sy faha-50 aorian'ny famafazam-boa, mba hisorohana ny fihintsanan'ny felany.

***Fanamarihana :***

*Raha hamokatra tsaramaso maina dia tsy maintsy kajiana tsara ny famafazam-boa mba ho tafiditra ao anatin'ny vanim-potoana maina ny faran'ny fahamatoizany sy ny fiotazana azy.*

- Ho an'ny faritra DIANA (Ambilobe sy Ambanja) dia voafetra ny fotoana mahamety ny famafazana ny karazan-tsaramaso lava tsingerim-pitsiriana ary tsy tokony ho tara mihitsy.

- Araka ny andrana natao ka nahitam-bokany dia manomboka ny volana Jolay ka mifarana ny volana Septambra no mahatsara ny voly tsaramaso ho an'ny faritra Atsimo Atsinanana. Torak'izany ihany koa hoan'ireto faritra manaraka ireto : **Atsinanana, Analanjorofo, Vatovavy, Fitovinany, ary Atsimo Atsinanana.**

- Ho an'ny faritra andrefana kosa, toa ny faritra Menabe B (Miandrivazo – Mahabo) dia atao am-baiboho vonton-drano manomboka ny **fiafaran'ny Marsa - Aprily** ny voly tsaramaso, aorian'ny tondra-drano be, antsoina ihany koa hoe **vanin-taona Jeby**.

Ity boky ity dia mirakitra ny tetiandro tsara arahina isam-paritra, ho an'ireo lahasa isan-karazany atao amin'ny fambolena tsaramaso. Nomena hanovozan-kevitra ihany ireo vanim-potoana fanaovana ny lahasa isan-tsokajiny, fa miankina amin'ny zava-misy ara-toetrandro isam-paritra no amaritana ny daty marina.

***Fanamarihana 1:***

*Misy karazana tsaramaso hafa tsy voalaza ato amin'ity boky ity, ary afaka manome fampahafantarana momba izany ny eo anivon'ny FOFIFA, SOC sy ny DRAE. Koa aza misalasala manatona azy ireo raha toa ka ilaina izany.*

***Fanamarihana 2:***

*Tsy manana tetiandrom-pambolena manokana ny faritra sasany, ireto avy no mety ho anton'izany :*

- *Na tsy sahaza ny voly tsaramaso ny vinan'ny toetrandro eoamin'ilay faritra.*
- *Na tsy mety amin'ilay faritra ny tsaramaso.*

# Torolalana amin'ny famakiana ny tetiandro

Natokana ho an'ny voly fahavaratra miankin-doha tanteraka amin'ny rotsakorana ihany ireo  tetiandrom-pambolena ireo.

Narafitra araka ny vinan'ny rotsakorana eo anelanelan'ny Oktobra 2022 sy Aprily 2023 izy ireo. Tsara ho tadidiana anefa fa mety tsy hitovy tanteraka amin'ny vina ny toetrandro hiseho.

Manoro ny vanim-potoana tsara hamafazam-boa ny tetiandrom-pambolena. Mety efa milatsaka ny orana mialoha ny vanim-potoana voatoandro, nefa tsara raha miandry   kely satria mety mbola ho maina ny andro aorian'izany (miteraka tsy fahombiazan'ny famafazam-boa.

Raha toa ka tsy mitovy amin'ny toetrandron'ny faritra ankapobeny ny toetrandro eo an-toerana, dia ny tetiandro ho an'ny toerana mifanila nefa mitovy toetrandro no alaina tahaka na dia ivelan'nyfaritra aza.


Mirakitra ny tetiandro ho an'ny karazam-boly mitovy tsingerim-pitsiriana (fohy, antonony , lava) ny tabilao tsirairay. Raha tsy ao anatin'ny lisitra voasoratra ny karaza-tsaramaso fambolinao ,

Dia ny tetiandrom-pambolen'ireo karazany hafa mitovy tsingerim-pitsiriana aminy no jerena.

- Tsingerim-pitsiriana fohy : latsaky ny 90 andro.
- Tsingerim-pitsiriana antonony : 90 andro ka hatramin'ny 110 andro.
- Tsingerim-pitsiriana lava : 120 andro.

Narafitra manaraka ny filaharany ara-potoana ny lahasam-pambolena ato amin'ity boky ity. Voamarika amin'ny alalan'ny efamira miloko (manga sy mena) milahatra mitsivalana ny vanim-potoana tsara tokony hanaovana ny lahasam-pambolena tsirairay:


- Voamarika efamira manga ny vanim-potoana tsara anatanterahana ny lahasa
- Voamarika efamira mena ny vanim-potoana tokony hitsaharan'ny lahasa



Mizara hafoloana (folo andro) telo ny volana iray eo amin’ny tetiandro. Aoka hajaina tsara ny vanim—potoana voatoandro ho an’ ny lahasam-pambolena tsirairay, izany hoe, ny vanim-potoana tsara indrindra hanatanterahana ny lahasa tsirairay, ny elanelam-potoana manasaraka ny lahasa roa mifanesy, ny filaharan’ny lahasa ary ny isany.:

Mitovy ny faharetan’ny vanim-potoana ho an’ny lahasa rehetra (izany hoe mitovy ny isan’ny efamira miloko) afa-tsy ho an’ny fanomanana ny nofon-tany sy ny fandonahana voalohany ihany (raha toa ka atao miaraka amin’ny fanomanana ny nofon-tany izany).

Raha toa misy andalana roa na maromaro ka mifanitsy ny efamira miloko (hafoloana), dia midika izany fa miaraka atao na mifanesy ny fanatanterahana ireo lahasam-pambolena ireo (ohatra : fiavàna arahana fandonahana).




Arak’izany, raha hafoloana maromaro ao anatin’ny vanim-potoana voatondro no anatanterahana ny lahasam-pambolena (ohatra: efamira 4, izany hoe 40 andro) dia toy izao no famaky azy :

- Amin’ny andalana ‘’famafazana’’, raha amin’ny daty mifanandrify amin’ny efamira miloko voalohany no atao ny famafazana, dia tokony amin’ny daty mifanandrify amin’ny efamira miloko voalohany ihany koa no anombohana ny lahasa amin’ny andalana manaraka.
- Raha atao mandritra ny daty mifanandrify amin’ny efamira voamarika X ny famafazam-boa (izany hoe efamira miloko faha-2 eo amin’ny andalana misy ny famafazam-boa), dia tanterahina mandritra ny daty mifanandrify amin’ny efamira voamarika X (izany hoe efamira miloko faha-2 ho an’ny isan’andalana) ny lahasa hafa (fandonahana faha-2, fiavàna, fiotazana) ary dia toy izany hatrany.
- Raha atao mandritra ny efamira miloko mena ny famafazam-boa, dia tanterahina mandritra ny efamira mena ihany koa ireo lahasa hafa.

| Tsingerim-pitsiriana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Marsa | | | Aprily | | | May | | |
| HAFOLOANA | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fanomanana ny nofon-tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Famafazam-boa | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fandonahana | 1 | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | 2 | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | | | | |
| | 3 | | | | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | |
| Fiavàna | 1 | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | | | | |
| | 2 | | | | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | |
| Fanavosan-tany | 1 | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | | | | |
| | 2 | | | | | | | | | | | | | X | | | | | | | | | | | |
| Fiotazana | | | | | | | | | | | | | | | | | | X | | | | | | | |

Ndeha ho raisintsika ohatra io tetiandro ambony io ho an'ny tsaramaso fohy tsingerim-pitsiriana. Manan-tsafidy isika eto ny hamafy voa eo anelanelan'ny 01 Desambra sy 10 Janoary.

Raha tanterahintsika eo anelanelan'ny 11 sy 20 Desambra ny famafazam-boa (efamira voamarika X), dia tokony tanterahina mialoha io vanim-potoana io ny fanomanana ny tany. Afaka tanterahina miaraka aminy sy ny famafazam-boa kosa ny fandonahana voalohany.

Atao eo anelanelan'ny 01 sy 10 Janoary ny fiavàna voalohany sy ny fandonahana faharoa, ary ny fanavosan-tany voalohany.

Tanterahina eo anelanelan'ny 01 sy 10 Febroary ny fiavàna faharoa, ny fandonahana fahatelo ary ny fanavosan-tany faharoa. Manomboka ny 11 hatramin'ny 20 Marsa kosa ny fiotazana.

Kanefa raha nisafidy ny hamafy voa teo anelanelan'ny 01 sy 10 Janoary isika (efamira miloko mena), dia tanterahina mandritra ireo efamira mena ihany koa ny lahasa hafa rehetra.

# ALAOTRA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# MANGORO

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## AMORON'I MANIA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonmby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## ANALAMANGA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonmby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## ANDROY

| Karazana | | FOFIFA Ranjonmby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

Seules les variétés à cycle court peuvent s'adapter tant bien que mal aux conditions de l'Androy.
Pluies légères justes suffisantes pour permettre la croissance et leur développement, quant au remplissage des gousses / grossissement des graines, des doutes peuvent se poser.

## ANOSY: TAOLAGNARO

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| na zezika / fanohofa | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# ANOSY: BETROKA, AMBOASARY ATSIMO

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Karazana | | FOFIFA Ranjonmby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# ATSIMO ANDREFANA: MOROMBE, TOLIARA 1 ET 2, BETIOKY ATSIMO, AMPANIHY

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# ATSIMO ANDREFANA: SAKARAHA, BEROROHA, BENENITRA, ANKAZOABO

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| na zezika / fanohofa | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# BETSIBOKA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# BOENY

| Karazana | | Izay manana tsingerim-piainana lava misy any an-toerana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Lava | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## BONGOLAVA

| Karazana | | Izay manana tsingerim-piainana lava misy any an-toerana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Lava | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Februar y | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## DIANA: ANTSIRANANA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Februar y | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## DIANA: AMBILOBE, AMBANJA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

## HAUTE MATSIATRA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | | Jona | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# HAUTE MATSIATRA

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Karazana | | FOFIFA Ikinimba, DFA 56, | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerim-piainana | | Lava | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | · | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | · | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | · | · | · | · | | |

# IHOROMBE

| | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Karazana | | Variétés locales | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerim-piainana | | Lava | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | · | · | · | · | · | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | · | · | · | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | · | · | · | | |

# ITASY

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 (DRKF) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | | Jona | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# MELAKY

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# MENABE: MORONDAVA, MANJA, BELO SUR TSIRIBIHINA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 2 (UBR(91)45-1) ; FOFIFA Ran'omby 4 | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# SOFIA

| Karazana | | FOFIFA Ikinimba, DFA 56, | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Lava | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# VAKINANKARATRA

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 3 (UBR(91)45-1) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# VATOVAVY

| Karazana | | FOFIFA Ranjonomby (RI 5-2) ; FOFIFA Vangamena (CAL 98) ; FOFIFA Ran'omby 3 (UBR(91)45-1) | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsingerim-piainana | | Fohy | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| VOLANA | | Oktobra | | | Novambra | | | Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | Mey | | |
| ANDRO | | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-28 | 01-10 | 11-20 | 21-31 | 01-10 | 11-20 | 21-30 | 01-10 | 11-20 | 21-31 |
| Fikarakarana ny tany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| fambolena | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fitondrana zezika / fanohofana zezika | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | fahatelo | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiavana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanotofana | voalohany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | faharoa | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fijinjana | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |

# Tetiandrom-pambolena nomerika amin'ny tolotra 3-2-1

Afaka sitrahana ao amin'ny Tolotra Mandroso 3-2-1 an'ny Airtel ny **tetiandrom-pambolena**; nanombokany Jolay 2019 no nisian 'izany. Fiarahamiasan'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana (MinAE) ary ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetry ny andro (MTM) no nahazoana ny vokatra; tohanan'ny tetikasa GIZ/PrAda miaraka amin'ny Viamo.

Efa misy ny hafatra manokana miaraka amin'ny tolo-kevitra isan-karazany rehefa miantso ny Tolotra mandroso 3-2-1; ahitana hafatra avokoa ny voly namokarana ny tetiandrom-pambolena, izay marihina fa hafatra isam-bolana arakaraka ny toerana na ny faritra takian'ny mpiantso. Tanjona amin'izany ny hanamorana ny fanjifan'ny mpamboly eny ambanivohitra ny Tetiandrom-pambolena.

Misy hatrany ny fanavaozanany Tetiandrom-pambolena isan-taona izay hiarahan'ny MinAE, DGM, FOFIFA mamolavola, mivoaka alohan'ny fiandohan'ny vanim-potoam-pambolena izany. Amin'izao taom-pambolena vaovao izao dia niampy voly vaovao ihany koa ny tetiandrom-pambolena, dia ny voly Ampemba.

**Ireo voly miisa enina hita ao amin'ny Tolotra mandroso :**

- Ny vary (Vary an-drano,vary an-tanety,vary an-tanimbary)
- Ny katsaka
- Ny sakamalaho
- Ny voanjo
- Ny tsaramaso
- Ny ampemba

**Toy izao no atao raha hihaino ny raki-peo :**

1- Ao amin'ny Menu 1 : Fambolena

8- Ao amin'ny Menu 8 : Toetrandro sy tetiandrom-pambolena




Serasera miisa 2 046 000 no natao tamin'ny 3-2-1 hatramin'ny nisokafany tamin'ny 10 Jolay 2019.

**Ireto no tsindrina raha hiantso ny Tolotra 3-2-1 sy hihaino ny hafatra fototra :**

- 321 (Airtel) : maimaimpoana ny antso 6 voalohany isam-bolana ary 200Ar manomboka eo amin'ny antso fahafito
- Na miantso ny 033 33 00 321 (Telma sy Orange) : antso amin'ny sarany mahazatra

**FIFANDRAISANA :**


**MINAE/DGA**
ANDRIAMANALINA Raharinjatovo Fenomanantsoa
*raharifeno123@gmail.com*

**FOFIFA/DRA**
Herimihamina ANDRIAMAZAORO
*hery_andriamazaoro@yahoo.fr*

**MTM/DGM**
RAHOLIJAO Nirivololona
*niriraholijao@gmail.com*